

Malagasy Protestant Church in France
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich

Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy



Siège national

47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Rev. Dr Jean A. RAVALITERA

PASTEUR SYNODAL

PRESIDENT DE LA FPMA

Email: fpma.france@orange.fr
jravalitera91@gmail.com

t +33698114675 ☎ +33983211540

Paris, Foibe FPMA 6 novambra 2012

Ho an'ny Mpitandrina sy Filoha ary Komitin'ny Faritany 6 ato amin'ny FPMA
Ho an'ny Mpitandrina sy ny Filoha ary ny Komitin'ny Tafo 39 ato amin'ny FPMA
Ho an'ny vahoakan'Andriamanitra rehetra miray amin'ny FPMA

Antony: Fanamafisana ny Alahadin'ny Fiaraha-miasan'ny Mpitandrina (FMM)

Ry havana.

Miarahaba anareo amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo Lohan'ny Fiangonana. Ho aminareo anie ny fahasovana sy ny Fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray, Zanaka, Fanahy Masina.

Vita soa aman-tsara ny Synoda Lehibe faha-34 notanterahintsika FPMA, noraisin'ny Faritany Atsimo Atsinanana tany Villeneuve-Lès-Avignon, tamin'ny 2,3,4 novambra lasa teo. Misaotra an'Andriamanitra nomba sy nitantana ka nahafahana nanatontosa izany sy nanatanteraka ireo fanapahan-kevitra noraisina. Isan'ny zava-dehibe manan-danja nodiniana sy nohamafisina tao ny fanomezana anjara toerana lehibe ny asan'ny Mpitandrina eto anivontsika FPMA. Amporisihina ny Tafo rehetra hanohana sy hanampy ny Mpitandrina eo amin'ny tanatanterahany ny asany sy ny Fiofanana maharitra hanatsarany ny asa fanompoany. Fa ampahatsiarovina antsika indrindra indrindra ny fisian'ny Fiaraha-Miasan'ny Mpitandrina (FMM) izay mandray andraikitra be eo amin'ny fitandraisana sy fitampifehezana ary fitampaherezan'ny samy Mpitandrina. Efa tapaky ny Synoda Lehibe teo aloha ny hanokanana Alahady iray eo anivon'ny Tafo FPMA rehetra mba ho Alahadin'ny FMM, ka hitondranareo vahoakan'Andriamanitra any amin'ny isantafam-bavaka ny asan'ny Mpitandrina arey hanaovana rakitra ho enti-manana ny asa rehetra miandry eo anivon'ny FMM. Tsy nandrenesana ako firy afa-tsy avy amin'ny tafo vitsivitsy izy io tato ho ato, koa raisiko ho adidy ny mampahatsiaro indray izany sy miantso anareo Tafo FPMA rehetra hanatanteraka izany.

Fa hoy ny Soratra masina : «**Mahatoky izao teny izao: Raha misy olona maniry ny asan'ny mpitandrina dia maniry asa tsara izy**» 1 Timoty 3, 1, ary koa : «**Fa aza manadino hanao soa sy hiantra; fa fanatitra toy izany no sitrak'Andriamanitra. Maneke ny mpitondra anareo, ka manoava azy; fa izy miambina ny fanahinareo araka izay hataon'ny olona mbola hampamoahina, mba hanaovany izany amin'ny fifaliana, fa tsy amin'ny fisentoana ; fa tsy mahaso anareo izany. Mivavaha ho anay ; fa matoky izahay fa manana fieritreretana tsara ka te-hitondra tena tsara amin'ny zavatra rehetra.**» Hebreo 13, 16-18.

Misaotra anareo mialoha amin'ny fandraisanareo andraikitra avy hatrany, ary manonona ny Fiadana'llay tia antsika ho aminareo tsirairay avy. «**Fa tsy manao ny tsy rariny Andriamanitra: tsy hohadinoiny akory ny asanareo sy ny fitiavanareo Azy nasehonareo tamin'ny nanompoanareo sady mbola anompoanareo ny kristianina havanareo. Ary dia irinay haneho fahazotoana toy izany hatramin'ny farany ianareo tsirairay avy, mba ho tanteraka tokoa ny zavatra antenainareo.**» Hebreo 6, 10-11 -DIEM-

Ny Mpitandrina Synodaly- Filohan'ny FPMA

Rev. Dr Jean ANDRIAMAROHASINA RAVALITERA



Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Farantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - La Port (La Reunion), Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes